Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 102–105

# Tobin'i Ziona—Miomana ny hanompo ny Tompo

Taorian'ny nandehanan'ilay vondrona mpikamban'ny Fiangonana fantatra amin'ny hoe Tobin'i Ziona kilômetatra maro mba hanampiana ireo Olomasin'ny Andro Farany namana, dia nilaza tamin'i Joseph Smith ny Tompo mba handrava ilay vondrona, eny na dia tsy nahatontosa ny tanjon'izy ireo azy izy ireo. Noho izany dia nolazain'ny sasany hoe tsy nahomby ny Tobin' i Ziona, saingy ireo izay nandray anjara tamin'izany kosa dia nijoro ho vavolombelona fa ny zavatra niainan'izy ireo dia nanomana azy ireo ho amin'ny fanompoana ny Tompo amin'ny hoavy.

Nandritra ilay dia lava nataon'izy ireo dia nitaraina sy niteny nanohitra an'i Joseph Smith ny sasany tamin'ireo olona tao amin'ilay vondrona, saingy ny sasany kosa dia nomba azy sy nianatra faharetana ary fankatoavana.

**FIFANAKALOZANKEVITRA**

Aminao, inona no dikan'ny hoe manavotra an'i Ziona? (Jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 103:15).

